

Iza no tena mpivavaka marina tokoa ?

J. Kœchlin



Bibles et Publications Chrétiennes

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Fizahan-takila >

ISBN : 978-2-87907-387-3

Qui sont les vrais adorateurs ?

Couverture, peinture de Marc Baumann "Jardin japonais"

IZA NO TENA MPIVAVAKA	
MARINA TOKOA?	5
Nahoana moa isika no mivavaka?	5
Amin'iza no tsy maintsy ivavahana?	8
Iza no afaka ny hivavaka?	11
Aiza no hivavahana?	13
Rahoviana isika no tokony hivavaka?	15
Amin'ny fomba ahoana no ivavahana?	17
Ireo anton-javatra maro tokony hasandratra mandritra ny fivavahana amin'Andriamanitra	20

IZA NO TENA MPIVAVAKA MARINA TOKOA?

«Fa avy ny andro sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana, fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany»¹.

Mampahatsiahy antsika izany tenin'ny Tompo Jesoa izany fa ny hamonjy ny mpanota no fanirian'Andriamanitra, mba ho tonga mpivavaka aminy azy ireny. Tiany ny hahafantaran'izy ireo an'izay nataony taminy sy izay andrasany aminy. « *Miteny toy ny amin'ny olo-manan-tsaina aho* », hoy ny apôstôly Paoly².

Ndeha hiarahantsika mijery ao amin'ny Baiboly ary ny valin'ireto fanontaniana ireto: Nahoana moa isika no mivavaka? Amin'iza no tsy maintsy ivavahana? Iza no afaka ny hivavaka? Aiza, rahoviana, amin'ny fomba ahoana no ivavahana?

Nahoana moa isika no mivavaka?

Ny fanatanterahana an'ireo asa isan-karazany, omban'ny fandalàna an'ireo fombafomba, no

1. Jaona 4. 23 • 2. 1 Korintiana 10. 15

ilofosan'ny ankamaroan'ireo antokompivavahana. Izany no ataony satria ireny no eritreretiny fa hampitony an'Andriamanitra sy hanome fahafaham-po ny fahamarinana takiny. Na ireo Jentilisa aza mba manolotra fanatitra ihany koa ho an'ireo sampiny mba hahita sitraka amin'izy ireny, ka hisakanany ny loza tsy hianjady aminy.

Tsy mba filàn-javatra toy izany kosa no anolorantsika kristiana fanompoam-pivavahana amin'Andriamanitra Ray sy amin'i Jesoa Kristy Zanany. Tsy mivavaka mba hahazo famonjena isika, tsy mivavaka mba ho afaka, tsy mivavaka mba hahazo fiarovana. Fa mivavaka kosa isika satria efa voavonjy, efa afaka, ary efa tsara fiarovana. Tsy afaka ny hanao na inona na inona ho amin'ny famonjena antsika isika : tsy afaka ny hitia an'Andriamanitra isika, tsy afaka ny hahita sitraka eo anatrehany, tsy afaka ny hanao Azy. Izy no efa nanao ny zavatra rehetra, tamin'ny alalan'ny fanomezany antsika Mpamonjy.

Fanehoana tsotra izao ny fankasitrahantsika Azy, ny fanompoam-pivavahana asaina atolo-tsika ho an'Andriamanitra. Fotoana ahafahantsika misaotra Azy sy ahafahantsika manandratra ny fahalehibeazany izany. Izany no fiavahana lehibe misy eo amin'ny tena atao hoe fanompoam-pivavahana sy ny antokom-

pivavahana atsangan'ny olombelona. Ny hanao zavatra sy ny hanolotra zavatra ho an' Andriamanitra no satrin'ny olombelona hatao. Ary dia mihevitra izy amin'izany fa hankasitraka azy Andriamanitra, ka hamela ny helony sy hikarakara azy. Isika mpino kosa mahatsapa fa Andriamanitra aloha no nanolotra zavatra tamim-pitiavana ho antsika, voalohany indrindra. Ny hidera an'Andriamanitra, amim-pankasitrahana feno ny maha-izy azy sy izay rehetra nataony, no hany sisa ataon'ny mpino. Setrin'ny fitiavana natolony ho antsika ihany ny fitiavana atolotsika Azy, amin'ny alalan'ny fanandratantsika fiderana: «*Isika tia satria Izy efa tia antsika taloha*»³.

Tsy tena mbola mahazo tsara an'io tombondahiny ananany, sy io zavatra tokony hataony io, ireo zanak'Andriamanitra. Misy ampahany avy ao amin'ny Soratra Masina manetsika ny saintsika hahatsapa izany. Mitantara ny nanasitranan'i Jesoa an'ireo boka folo lahy ny Lioka 17. 11-19. Ny tokana monja tamin'izy ireo anefa, ary lehilahy Samaritana indray koa, ankoatra izany, no nahalala nitodidoha niverina nisaotra an'i Jesoa. «Fa aiza ny sivy?», hoy ny fanontanian'ny Tompo. Toy ny te

3.1 Jaona 4. 19

hanontany amim-po feno alahelo ny tsirairay avy amin'izy sivy lahy « nodioviny » Izy, izany hoe ireo voasasa tamin'ny fahotany, manao hoe: « Nahoana ianao no tsy tonga tamin'ny fotoana efa nifanomezana, mba *hisaotra* Ahy sy hanome voninahitra ny Ray? »

Amin'iza no tsy maintsy ivavahana ?

Efa nivavaka sahady tamin'ilay Andriamaniny ireo mpino, toa an-dry i Abrahama, mialoha ny fahatongavan'i Kristy tety an-tany. Niseho taminy tamin'ny anarana hoe « Tsitoha » Izy, tamin'ny hoe « Avo Indrindra », ary araka izany anarana nisalorany izany no nivavahan'ireo mpino ireo taminy. Tamin'i « Jehovah » indray no nanoloran'ireo vahoaka Isiraely fanompoampivavahana taty aoriana. Tsy mbola nahalala an'Andriamanitra ho Ray izy ireo, tamin'izany fotoana izany.

Nanambara tamin'i Maria Magdalena ny Tompo, taorian'ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty, fa misy rohim-pifandraisana vaovao ankehitriny, eo aminy sy ireo olony: « *Mandehana mankany amin'ny rahalahiko ka lazao aminy hoe: Miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin'ny Andriamanitro sy Andriamanitrareo* »⁴.

4. Jaona 20. 17

Manamafy izany fanambaràna nataon'ny Tompo izany fa tafiditra ao anatin'ny rohim-pifandraisan'ny Ray sy ny Zanaka ny mpino ankehitriny. Omen'ny Ray fiainana mandrakizay isika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany⁵. Nomena ny mpino ny Fanahy Masina, rehefa niakatra ho any an-danitra ny Tompo Jesoa ka mipetraka eo an-kavanan'ny Ray. Io Fanahy io no mampiray antsika amin'i Kristy, no sady mampiditra antsika koa ao amin'ilay fifandraisana amin'ny maha zanaka. Afaka ny hiantso an'Andriamanitra hoe Ray isika! Efa noraisintsika ny « *Fanahin'ny zanaka natsangana izay iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô* »⁶.

Ho feno fankasitrahana an'Andriamanitra ny fontsika, raha tsapantsika hoe toerana nanao ahoana moa no nisy antsika teo aloha, ary toy inona kosa no nataon'Andriamanitra ho antsika ankehitriny, noho ny fitiavany. Fa « *avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vava* »⁷.

Mivavaka amin'ny Tompo Jesoa Kristy ihany koa isika. Maneho amintsika ny zavatra hoavy, dia izay hitranga ao an-danitra aorian'ny fampakarana ny Fiangonana, ny Apokalypsy 4 sy 5. Hisy seza fiandrianana eo afovoany, ary eo anivon'io seza fiandrianana io no hahitana ny

5. 1 Jaona 5. 11 • 6. Romana 8. 15 • 7. Matio 12. 34

«Zanak'ondry tahaka ny efa voavono»; hisy vahoaka marobe tsy tambo isaina manodidina ny seza fiandrianana. Eo ireo loholona efatra amby roapolo, izay misolo tena ny mpino rehetra. Manipy ny satroboninahiny eo anoloan'ny seza fiandrianana izy ireo, miankohoka ary mihira fihiram-baovao: « *Ny ranao no nanavotanao ho an'Andriamanitra olona avy amin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny, sy ny olona ary ny firenena rehetra. Ary efa nataonao ho fanjakana sy mpisorona ho an'Andriamanitra ireo* »⁸. Eny, ny Tompo Jesoa io Zanak'ondry io. Izy no nividy ny fanahy sarobidin'ny olona rehetra maneran-tany. Hanodidina ny seza fiandrianana ny mpino rehetra, ka hihira izany hira izany amin'ny fiteny tokana ihany. Mbola izany zavatra izany ihany no hotantarainy, ary mbola io Olona iray io ihany no hiarahany mankalaza.

Anisan'ny ho eo ve ianao, raha ho tonga io fotoana io? Moa ho anisan'ireo vahoaka marobe feno hasambarana ireo ve ianao? Raha izany, aza miandry ho any an-danitra, na hahita maso an'llay Zanak'ondry, vao hanandratra fiderana ho Azy! Dieny ankehitriny no efa anasana anao hankalaza ny Ray sy ny Zanaka.

8. toko 5. 9, 10

Iza no afaka ny hivavaka ?

Andevo tany *Egypta* ny vahoaka Isiraely, tao amin'ny fiandohan'ny bokin'ny Eksodosy. Tonga mpivavaka tamin'Andriamanitra tany an'efitra kosa indray izy ireo, ao amin'ny fiafaran'io boky. Namboatra ny tabernakely izy, izay toerana tian'Andriamanitra honenana. Teo amin'io tabernakely io no nahafahan'ny vahoaka nanatona hanolotra fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ireo mpisorona. Fa teo anelanelan'ireo vanimpotoana roa ireo (ny tany *Egypta* sy ny tany an'efitra): Inona no nitranga? Trangan-javatra hafakely: ny *fanavotana*, izay asehon'ny sarin'ny Paska sy ny fiampitana ny ranomasina Mena.

Azontsika tarafina miainga amin'izany ny hoe fepetra manao ahoana moa ny hisarihana ny olona iray andevon'i Satana, ho tonga mpivavaka amin'Andriamanitra. Tsy maintsy havotana izy aloha. Ireo olom-boavonjy ihany no afaka ny hivavaka amin'Andriamanitra. Marobe no milaza ny tenany ho kristiana sy mazoto mankany ampiangonana; saingy, tsy afaka ny handray ny fanompoam-pivavahana atolotr'izy ireny Andriamanitra, raha tsy mbola nanaiky an'i Jesoa ho Mpamonjiny izy ireny.

Fanontaniana iray hafa indray no mipetraka: Moa mpivavaka amin'Andriamanitra avokoa àry

ve ireo olom-boavonjy? Eny, mpivavaka aminy avokoa izy rehetra. Ary ho fanaporifoana izany, fantatrao ve hoe tamin'iza moa no niresahan'i Jesoa voalohany an'io resaka fivavahana amin'Andriamanitra io? Tsy tamin'ireo mpianatra, tsy tamin'i Nikodemosy izay mpampianatra teo amin'ny Isiraely, fa tamin'ilay vehivavy mahantra sy ratsy fitondrantena, tamina Samaritana!⁹. Tonga anisan'ireo afaka ny hivavaka amin'Andriamanitra Ray ity vehivavy ity, vantany vao nahalala an'llay Mpamonjiny, dia llay Mpamonjy izao tontolo izao. Ny olom-boavonjy rehetra izany, na vavy izy na lahy, na tanora na antitra, na avy aiza na avy aiza fiaviany, no manan-jò sy afaka ny hiravoravo amin'ny fahafaha-mivavaka amin'ny Ray.

Aza hadinoina mihitsy anefa fa masina Andriamanitra. Tsy handray ny fanompoampivavahana atolotry ny mpino Andriamanitra, raha toa io mpino io ka minia miroboka amin'ny ratsy, ary manao hodian-tsy hita izany, na manaiky ny hanaraka fampianarana hafa manohitra an'izay ambaran'ny Baiboly.

Nambaran'i Jesoa taminy ny haratsiam-pitondrantenan'ity vehivavy Samaritana ity, mialoha ny niresahany taminy mikasika ny

9. Jaona 4. 23

fivavahana. Tsy maintsy miova izy aloha vao afaka ny hivavaka amin'ny Ray.

«Fa araka ny fahamasinan'Ilay niantso anareo dia aoka ho masina koa ianareo amin'ny fitondrantena rehetra, satria voasoratra hoe: ho masina ianareo satria masina Aho»¹⁰.

Aiza no hivavahana ?

«Fa avy ny andro ka tsy amin'ity tendrombohitra ity, na any Jerosalema aza no hivavahanareo amin'ny Ray», hoy ny Tompo Jesoa tamin'ilay vehivavy Samaritana¹¹. Mipetraka indray izany izao ny fanontaniana hoe: Aiza isika no hanolotra fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra ?

Tsara avahana aloha, voalohany indrindra, ny fiderana ataon'ny tena manokana sy ny hiarahana amin'ny besinimaro. Afaka ny hankalaza ny Andriamaniny hatrany ny mpino, na aiza na aiza toerana misy azy: na ao an-tranony izany, na eny an-dalana, na aiza na aiza misy azy. Niloatra avy ao an-kibon'ilay trondrobe, tany amin'ny fanambanin'ny ranomasina, ny fiderana nasandratr'i Jôna¹². Afaka ny hivavaka amin'Andriamanitra, toy ireo tafavory hanatanteraka izany, ireo rehetra voahazona any an-

10. 1 Petera 1. 15-16 • 11. Jaona 4. 21 • 12. Jôna 2

tokantranony, na ireo rehetra mihidy any amponja noho ny finoany. Ary dia avelan' Andriamanitra hisy fiangonana kely marobe hanandratana fiderana ho Azy: tsy hafa izany fa ny fon'ireo rehetra manaiky sy feno fitiavana Azy.

Fa afaka ny hiombom-po ka hiara-hanolotra fanompoam-pivavahana ho an'ny Ray koa isika mpirahalaha sy mpirahavavy ao amin'ny ankohonan'Andriamanitra, araka ny ambaran'ny Baiboly. Moa misy toerana manokana ankasitrahany hanatanterahantsika izany ve? Eny, misy toerana tokana tokoa notendrena hanaovana izany. Tsy ireo trano fiangonan'ny antokom-pivavahana isan-karazany akory, fa ao amin'ny toerana tsotra. Ao amin'ny efitrano onenan'ny olona anankiray no ivorian'ny mpino.

Rahoviana isika no afaka ny hilaza hoe: eto fa tsy any an-toeran-kafa no tsy maintsy hivavahantsika amin'Andriamanitra? Rehefa ao anatin'ny antokon'olona mpino, izay tsy manaiky afa-tsy ny Tenin'Andriamanitra irery ihany ho fahefana fara tampony, ary manilika izay rehetra mety ho fahefàn'olombelona. Midika ho fahazoana ny fankatoavan'ny Tompo, izany hoe ny fankasitrahany, ny hoe mivory *amin'ny anaran'ny Tompo*. Ny fanekena an'io fepetra apetrany io no hahatanterahan'ny fampanantenana hoe: « *Raha misy roa na telo mivory*

amin'ny anarako dia ao afovoany Aho»¹³. Izany hoe, manolotra fanompoam-pivavahana araka izay ankasitran'Andriamanitra isika rehefa tonga mba hifantoka aminy irery ihany, rehefa manaiky hanoa ny Teniny, ka manilika izay rehetra mety ho fahefàn'olombelona, ary manaiky hotarihin'ny Fanahiny. Amin'izany ihany vao ho tsapantsika ny tena fanatrehany, ka afaka ny hanolotra fanompoam-pivavahana ankasi-trahana eo anatrehany isika.

Rahoviana isika no tokony hivavaka?

Koa satria voalaza fa tempolin'Andriamanitra ny fontsika mpino tsirairay avy, dia afaka ny hidera Azy amin'ny fotoana rehetra izany isika. Afaka ny hanao izany isika mandritra ny tontolo andro.

«*Andriamanitra ô, Andriamanitro Ianao, mitady Anao fatratra aho*»¹⁴. Hitantsika koa ery ambanimbany, amin'io Salamo 63 io ihany, ny hoe: «*Raha mahatsiaro Anao eo am-pandriako aho, dia mieritreritra Anao amin'ny fiambenana alina*» (and. 6). Toy ny karazan-java-maneno tian'ny Fanahy Masina hitendrena feon-kira ho an'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra ny fontsika.

13. Matio 18. 20 • 14. Salamo 63. 1

Afaka ny hanokam-potoana hiaraha-mivavaka koa anefa isika. Ny alahady no fotoana hihaonantsika hanatanterahana izany. Fa nahoana no ny andro alahady? Satria tamin'io andro io no nitsanganan'ny Tompo, io no andro niantombohan'ny fiainana vaovao. Toy ny hankalazantsika ny tsingerin-taona nahatera-hantsika, no tokony hankalazantsika koa an'i Kristy nandresy ny fasana, isaky ny alahady. Ny andro voalohany tamin'ny herinandro no nitrangan'izany zava-mahagaga izany. Io no *andron'ny Tompo* (ny andro alahady). Manao an'i Jesoa Tompo ho lohalaharana amin'ireo asa hosahanintsika mandritra ny herinandro isika, amin'ny fanombohantsika izany herinandro izany amin'ny fiaraha-mankalaza Azy. Hitantsika ao amin'ny Asa 20. 7 fa tamin'io andro io no niangonan'ireo mpianatra « *hamaky ny mofo* ».

Intello miantaona no nilazana mikasika ny trano tao Betania, ao amin'ny filazantsara. Ao amin'ny Lioka 10. 39 ny voalohany. Tao no nahitantsika vehivavy iray antsoina hoe i Maria, nipetraka teo an-tongotry ny Tompo ka nihaino Azy. Io tantara io no tsiahivina amin'ny famakiana sy ny fisaintsainana ny Tenin' Andriamanitra atao mandritra ny fotoampivoriana rehetra iarahan'ny mpino. Ao amin'ny Jaona 11. 32 ny faharoa. Teo an-tongotr'i Jesoa

ihany indray i Maria, taorian'ny fahafatesan'i Lazarosy anadahiny. Nizara ny alahelony izy, ary niandrandra fampiononana avy amin'i Jesoa. Ny fivoriam-bavaka iarahantsika indray no ambaran'izany. Ao amin'ny Jaona 12. 1-3 ny fahatelo. Indro i Maria mitondra tavoara feno menaka manitra. Nararany teo an-tongotr'i Jesoa izany, ka henika ny fofona manitra ny trano. Sarin'ny fo (tavoara) mahatsapa ny hatsaran'ny Tompo (menaka manitra), sy ny tena fanompoam-pivavahana mendrika Azy izany.

Amin'ny fomba ahoana no ivavahana ?

Hoy ny avalin'ny Tompo an'izany fanontaniana apetratsika izany: «*Andriamanitra dia Fanahy, ary izay mivavaka aminy dia tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana*»¹⁵.

Ahoana moa izany hoe mivavaka amin'ny «fanahy»?

Samy manana ny fombafombany avy, samy manana ny sakramentany, izay tsy maintsy arahin'ny olona ao aminy, ireo antokompivavahana rehetra manerana an'izao tontolo izao. Tsara ho fantatsika anefa fa tandindon'ireo zavatra any an-danitra, izay efa ananantsika ao

15. Jaona 4. 24

amin'i Kristy avokoa, ireo fombafomba rehetra hita tao amin'ny fanompoam-pivavahana fanaon'ny Jiosy. I Jehovah no nandidy azy ireo hanao izany: ny fisian'ny tempoly, ny fisian'ny mpisoronabe, ny sorona, ny fisian'ireo andro fety isan-karazany.

Ara-panahy kosa ny toetra tinafin'ny fanompoam-pivavahana kristiana ankehitriny. Izany hoe tsy amin'ny fombafomba intsony no anatanterahan'ny kristiana ny fanompoam-pivavahana, rehefa mivory izy. Tsy amin'ireo teny sy fihetsika nianarana sy naverimberina no anatontosany ny fanompoam-pivavahana, fa amin-kalalahana tanteraka, toy ny fahatsorampon'ny zaza miresaka amin-drainy.

Manambara ihany koa ny hoe mivavaka amin'ny fanahy fa tsy ny fisainantsika, amin'ny maha olombelona antsika, no ahafahantsika manandratra fiderana ho an'Andriamanitra. Tsy hahefa izany isika raha tsy eo ny *Fanahy Masina*. Miambena àry mba tsy hanao izay hampalahelo ny Fanahy Masina, izay mitoetra ao anatintsika¹⁶.

Ahoana kosa indray ny amin'ny hoe mivavaka amin'ny « *fahamarinana* » ?

Tsy ny teny sy ny hira ihany no andrasan' Andriamanitra amintsika, rehefa manolotra

16. Efesiana 4. 30

fanompoam-pivavahana ho Azy isika. Tiany mba tena hiloatra avy ao am-pontsika izay rehetra atolotsika ho Azy mandritra ny fanompoam-pivavahana (na vavaka izany na hira). Ren'Andriamanitra izay lazaintsika, kanefa mamaky an'izay tsy notononin'ny vavantsika koa lzy. Tsy ho voafitatsika na oviana na oviana lzy, araka izany, raha toa ka tsy tena avy ao am-pontsika ny zavatra tononin'ny vavantsika ho Azy.

Ny hoe mivavaka amin'ny fahamarinana dia mivavaka omban'ny fahatsapana ny toerana nametrahan'Andriamanitra antsika, sy ny rohim-pifandraisana misy eo aminy sy amintsika ankehitriny. Fifandraisana vaovao no ananantsika manoloana ny Ray sy i Jesoa Kristy Mpamonjintsika ankehitriny. Tsy afaka ny hankalaza an'llay Mpanavotra isika, raha tsy efa iravoravoantsika aloha ny fanavotana natolony. Tsy afaka ny hankalaza an'llay Andriamanitry ny fahasoavana isika, raha tsy efa iravoravoantsika aloha ny fahasoavana natolony.

Moa efa tsapanao teo amin'ny fiainanao ve izany hoe nivavaka tamin'Andriamanitra toy ny tena mpivavaka aminy tokoa amin'ny fanahy sy ny fahamarinana?

Ireo anton-javatra maro tokony hasandratra mandritra ny fivavahana amin'Andriamanitra

Ny amin'ireo zavatra tokony hibahana ao am-pontsika, raha hanolotra fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra isika, no hany mila saintsainintsika. I Kristy no tokony ho ivon'izy ireny, dia ny maha izy azy sy ny asa nataony. Amin'ny alalany no ahalalantsika ny Ray, izay omentsika voninahitra noho ny maha izy azy sy izay nataony.

«*Miderà an'i Jehovah amin'ny lokanga. Mankalazà Azy amin'ny valiha tory folo*», hoy ny fanasana ataon'ny Salamo 33. 2. Afaka ny hamoaka feo mirindra ny valiha sy ny lokanga, amin'ny alalan'ny fanindriana an'ireo tady kely mampamoaka feo azy. Matetika isika no mianina fotsiny amin'ny fisaorana an'Andriamanitra noho ny famelany ny helotsika. Zava-dehibe tokoa izany, saingy tsy ampy. Tsy hamoaka feon-kira mihitsy ny zava-maneno raha naoty iray ihany no averimberina! Mahantra kely ny fanompoam-pivavahantsika, matetika. Ny Fanahy Masina anefa te hanetsika an'ireo tady rehetra mandrafitra ny valiha sy ny lokanga, ka hitetezantsika ny sehatra midadasiky ny voninahitry ny Tompo Jesoa Kristy, izay azontsika ambara amin'ny Ray avokoa :

– ireo voninahiny amin’ny maha Mpahary Azy, sy ireo voninahiny amin’ny maha Mpanavotra Azy.

– ny voninahiny tamin’ny nanafoanany ny tenany: «tonga nofo» ny Zanak’Andriamanitra. Zava-miafina mahagaga tokoa izany!

– ny voninahiny tamin’ny nanetreny ny tenany, ka nanekeny an-tsitrapo ho mpanompo, sy nanekeny hatramin’ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana teo amin’ny hazofijaliana.

– ny fiainany tonga lafatra sy tsy nanan-tsiny tao amin’ny maha olombelona Azy, raha tety antany Izy: fankatoavana, fitiavana, fanetrentena, faharetana, fahamarinana, fahalemem-panahy, fikelezana aina ho an’Andriamanitra, sns, izay mifanohitra tanteraka amin’ny toetry ny olombelona.

– ny voninahiny amin’ny maha olona natsangana tamin’ny maty Azy, sy ny fipetrahanany eo an-kavanan’ny Ray ankehitriny.

– ny hiaviany indray sy ny handraisany ny fahefana amin’ny maha Mpanjakan’izao rehetra izao Azy.

Ao amin’ny mandrakizay isika vao afaka ny hibanjina sy hankalaza an’i Kristy, mifandraika amin’ireo endrika rehetra isehoan’ny voninahiny. Dieny ankehitriny kosa anefa, arakaraka ny hitomboantsika amin’ny fahafantarana an’i

Jesoa sy amin'ny fahafantarana ny Ray, no mainka hitarihan'ny Fanahy Masina antsika bebe kokoa hatrany hahita ny voninahiny, ka hampitolagaga antsika. Amin'izany no hampanankarena ny fanompoam-pivavahana atolotsika ho an'Andriamanitra.

Mitady olona tena mpivavaka aminy Andriamanitra: lehilahy sy vehivavy izay mahalala Azy ho Ray, ary manaiky ny hanao izay ampanaoviny rehetra. Ianao no tadiaviny ankehitriny. Ka inona no havalinao Azy?

Bokikely hafa mamahavaha ny lohahevitra mitovy amin'ny hitanao tato :

*Ny Fiangonan'Andriamanitra velona, A. Gibert
Ilay Anarana mampivory, G. andré*

Ahoana no fanateranao fanompoam-pivavahana?

